



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION  
-----

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES  
-----

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-37

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA  
NY TOLO-PEHIN-KEVITRA MOMBA NY «CODE D'ÉTHIQUE ET DE  
DÉONTOLOGIE DE L'ASSEMBLÉE NATIONALE», NATOLOTRY  
SOLOMBAVAMBAHOAKA ANDRIANAMBININA DJOHARY LEE,  
VOAFIDY TAO VONDROZO**

Fivoriana faha-24  
Natao ny  
Alatsinainy 9 Desambra 2019  
- Atoandro -

## FOTOPOTOTRY NY FIVORIANA

Natao ny

Alatsinainy 9 Desambra 2019

- Atoandro -

	Pejy
- Fitohizan'ny fivoriana .....	01
- Fiantsoana anarana .....	01
- Famakiana ny fandaharam-potoana vaovao .....	02
- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny fandaharam-potoana vaovao .....	04
- Famakiana ny tatitra mikasika ny tolo-pehin-kevitra .....	04
- Adihevitra ankapobeny .....	09
- Fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny hanemorana ny fandinihana ny tolo-pehin-kevitra .....	20
- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny hanohizana ny fandaharam-potoana manaraka.....	21
- Fiatoan'ny fivoriana .....	33

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina  
- Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques

**FOTOANA:** Alatsinainy 9 Desambra 2019 tamin'ny 1 ora sy 20 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-pehin-kevitra momba ny «code d'éthique et de déontologie de l'Assemblée Nationale», natolotry Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee, voafidy tao Vondrozo.

- Lakolosy -

-1-

- Fitohizan'ny fivoriana -

**Andriamatoa FILOHA**

Ramatoa sy Andriamatoa Solombavambahoaka hajaina, isany.  
Tompokolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivoriansika

Miarahaba antsika Solombavambahoaka tonga mamonjy izao fivoriambe izao.  
Arahabaina torak'izay koa ny vahiny tonga manatrika izao fivoriana izao.

Miangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.  
Misaotra Tompoko.

- 2 -

- Fiantsoana anarana -

**Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina**

langaviana isika mba hiteny ny anarantsika sy ny laharantsika avy.

AFAKANDRO Alphonse

.....

.....

.....

ZAFINANDRO Perle Bien Aimée

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra antsika Solombavambahoaka hajaina isany, milaza ny fahatongavantsika ary maneho ny fahavononantsika hanatanteraka adidy sy andraikitra nametrahan'ny vahoaka antsika.

Tsara angamba raha misy fampidirana hatao satria mandeha be ny resaka hoe: aiza ny Antenimierampirenena amin'ny fakan-kevitra no tsy tonga eny Ivato satria misy fivorimbe ataon'ny Malagasy ao amin'ny CCI Ivato izay mitaky ny famerenana ny Nosy Malagasy, koa tsara ho fantatry ny mpiray tanindrazana rehetra, ho fantatry ny vahoaka Malagasy, fa ny Antenimierampirenena dia miombona ao anatin'izany fiombonamben'ny Malagasy izany ary manome tosika ny fakan-kevitra atao eny amin'ny CCI Ivato.

Ny antony tsy ahatongavan'ny Antenimierampirenena eny dia mikasika ny fandaharam-potoana voafaritra mialoha kanefa ny fe-potoana na ny vanim-potoana hifaranan'ny fivoriambe araka ny voalazan'ny Lalàmpanorenana dia tsy afaka mihoatra ny 60 andro izay efa antomotra kanefa ny lalàna holaniana mbola betsaka. Izany no antony tsy ahatongavanay eny amin'ny CCI. Tsara ho fantatry ny mpiray tanindrazana rehetra, fa miombona amin'izay tolona iraisana izay ny Antenimierampirenena.

Tompokolahy sy Tompokovavy mialohan'ny hirosoana votoantin-draharaha, tiako ny milaza amintsika fa nahatonga taratasy eto amin'ny Antenimierampirenena, Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta, tamin'ny faran'ny herinandro teo. Mangataka ny hampidirana ao anaty fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena ny volavolan-dalàna laharana faha-039/2018 tamin'ny 5 Desambra 2018, «régissant les opérations de pension livrée».

Nisy koa taratasy avy aminy izay nametraka ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2019 tamin'ny 30 Oktobra 2019 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du projet de construction du pont sur le fleuve Mangoky, conclu le 17 septembre 2019 entre la République de Madagascar et le Fonds de l'OPEP pour la Développement International (OFID)".

Manampy izany, volavolan-dalàna roa hafa izay mikasika ny fiaraha-miasa amin'ny Sinoa «projet de loi de ratification» ho tonga rahampitso eto amin'ny Antenimierampirenena izy ireo.

Mba ho fampiharana ny andininy faha-86, andalana faha-3 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-46, andalana faha-4 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena izay manome laharam-pahamehana ny fandaharam-potoana avy amin'ny Governemanta. Koa hotapahantsika avy hatrany ny hampidirana azy ireo ao anaty fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena.

Toy izao, araka ny tolo-kevitra ny mikasika izany; miangavy ny Mpitantsoratra hamaky ny tatitra momba an'izay.

- 3 -

- Famakiana ny fandaharam-potoana vaovao -

**Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina**

Toy izao ny fandaharam-potoana vaovao:

**LUNDI 9 DECEMBRE 2019**

**9h 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS**

-Commission de la Fonction Publique, du Travail et des lois Sociales (saisie au fond)

-Commission Juridique (saisie) pour avis)- Salle BP

- Proposition de Loi Organique n°04-2019/PL complétant et modifiant l'article 82 alinéa 2 de l'Ordonnance n°2005-005 du 22 mars 2006 relative au statut de la Magistrature, présentée par le Député RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina.

-Commission des Finances et du Budget (saisie au fond)

-Commission de l'Aménagement du Territoire, de la Gestion Foncière (saisie pour avis)

-Commission Juridique (saisie pour avis)- Bibliothèque

- Projet de loi n°006/2019 du 30 octobre 2019 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du projet de construction du pont sur le fleuve Mangoky, conclu le 17 septembre 2019 entre la République de Madagascar et le Fonds de l'OPEP pour la Développement International (OFID)"- Salle de Séances

**SEANCE PLENIERE** - Salle de Séances

10h 00 et 15h 00: - Proposition de résolution portant Code d'éthique et de Déontologie de l'Assemblée Nationale, présentée par le Député ANDRIANAMBININA Djohary Lee, élu à Vondrozo.

16h 00: - Proposition de Loi Organique n°04-2019/PL complétant et modifiant l'article 82 alinéa 2 de l'Ordonnance n°2005-005 du 22 mars 2006 relative au statut de la Magistrature, présentée par le Député RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina.

**MARDI 10 DECEMBRE 2019**

09h 00: **TRAVAUX DES COMMISSIONS**

- Commission des Finances et du Budget (saisie au fond) - Commission Juridique (saisie pour avis)- Salle BP

- Projet de loi n°039/2018 du 5 Décembre 2018 régissant les Opérations de pension livrée.

**SEANCE PLENIERE** - Salle de Séances

10h 00: - Projet de loi n°004/2019 du 2 octobre 2019 portant modification de certaines dispositions de la loi n°2016-029 du 14 juillet 2006 portant code de la communication médiatisée.

15h 00: - Projet de loi n°007/2019 du 30 octobre 2019 sur les Assurances

18h 00: - Projet de loi n°006/2019 du 30 octobre 2019 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du projet de construction du pont sur le fleuve Mangoky, conclu le 17 septembre 2019 entre la République de Madagascar et le Fonds de l'OPEP pour la Développement International (OFID)".

- Projet de loi n°039/2018 du 5 Décembre 2018 régissant les Opérations de pension livrée.

**MERCREDI 11 DECEMBRE 2019**

09h 00: **TRAVAUX DES COMMISSIONS**

- Commission des Finances et du Budget (saisie au fond)

- Commission Juridique (saisie pour avis)- Salle BP

- Deux projets des lois de ratification avec la Coopération Chinoise

**SEANCE PLENIERE** - Salle de Séances

10h 00: Election de Représentant de l'Assemblée Nationale au Haut Conseil pour la Défense de la Démocratie et d'Etat de Droit (HCDDDED).

15h 00: Deux projets des lois de ratification avec la Coopération Chinoise.

LE RESTE SANS CHANGEMENT

Izay Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra Isika namaky an'izay fandaharam-potoana vaovao izay.

Araka ny efa voalazako teo aloha, mihatomotra sy manakaiky ny fifaranan'ny fivoriambentsika ara-potoana kanefa mbola betsaka ny asa tokony hatao. Izay no mahatonga ny fandaharam-potoana miova satria heverina fa tokony hotanterahantsika ary hovitantsika ao anatin'izao fotoam-pivoriana ara-dalàna izao ireto volavolan-dalàna ireto ary ny fanapahana izay tokony horaisintsika eto koa.

Alohan'ny hirosoantsika amin'ny fandania an'izay fandaharam-potoana vaovao izay, sao misy manankolazaina isika Solombavambahoaka hajaina.

Tsy misy.

- 4 -

**- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny fandaharam-potoana vaovao -**

**Andriamatoa FILOHA**

Raha tsy manan-kambara isika dia hiroso amin'ny fandania an'izay fandaharam-potoana izay isika.

Izay mandany an'io fandaharam-potoana vao nampidirina io, atsangano ny tònana.

- Solombavambahoaka miisa 26 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny fandaharam-potoana vaovao nasiam-panitsiana na ny marimarina kokoa nohatevenina amin'ny asa maro miandry antsika eto.

Ny fandaharam-potoana amin'izao Alatsinainy faha-9 Desambra 2019 dia fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra momba ny tolo-pehin-kevitra mikasika ny "code d'éthique et de déontologie de l'Assemblée Nationale" izay hatolotry ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee, voafidy tao Vondrozo.

Koa iangavina ny Mpampakateny hamaky ny tatitra momba izany.

- 5 -

**- Famakiana ny tatitra mikasika ny tolo-pehin-kevitra -**

**Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narindrasana**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba anareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ato amin'ny Antenimierampirenena; Isika mpikambana ao amin'ny «comité de sauvegarde de l'intégrité» ao amin'ny «Présidence»; Ianareo Solombavambahoaka hajaina; Tompokolahy sy Tompokovavy.

Toy izao ny tatitra tany amin'ny Asam-baomiera:

Nivory ny Talata faha-3 Desambra 2019 tamin'ny 9 ora sy 30 minitra, maraina, ny Vaomiera mitambatra izay nahitana ny Vaomieran'ny Asam-panjakana, ny Asa ary ny Lalàna Sosialy; Vaomieran'ny Raharaham-bahiny; Vaomieran'ny Làlàna, nandinika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha 002-2019/PR «portant code d'éthique et de déontologie» natolotry ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee voafidy tao Vondrozo.

Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin, Filohan'ny Vaomieran'ny Asam-panjakana, ny Asa ary ny Lalàna Sosialy no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana:

Ramatoa sy Aanadriamatoa isany:

1. ANDRIANJATO Liantsoa Bina
2. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
3. FIAROVANA Lovanirina Célestin
4. IDEALSON
5. JOHASY Eléonore
6. RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta
7. RAKORAHALAHY Modeste
8. RAVENASY Jean Emanierson
9. RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
10. RAZAKANDRAINNY Dominique

Tonga nislotena ny Governemanta kosa ireto teknisiana ireto:

Ramatoa sy Aandriamatoa isany:

1. LEJAMBLE Brice
2. RANDRIANANDRASANA Vonjiniaina
3. RANAIVOHARIVELO Maharavo
4. RAZANANDRASANIRINA Gèneviève

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany an'Andriamatoa Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee ny fitenenana, ka tamin'izany no namakiany ny antoananton'ny Tolo-pehin-kevitra.

Taorian'io dia nomeny ny teknisiana avy any amin'ny CSI (Comité de Sauvegarde de l'Intégrité) ny fitenenana mba hanazavany ny mahakasika ity Tolo-pehin-kevitra ity.

Nanambara ity farany fa efa tamin'ny volana Jona 2018 no nivory teny amin'ny Antenimierandoholona, Anosy ny APNAC (Assemblée Parlementaire Pana-Africaine), ny CSI, ny Loholona ary ny Solombavambahoaka no nandinika ny handrafetana ny «Code d'éthique et de déontologie». Ny CSI sy ny PNUD no nanao ny «note conceptuel» mba hahafahan'ireo antoko politika mandrotsaka kandida «crédible» amin'ny fifidianana ho Filohampirenena sy fifidianana ho Solombavambahoaka.

Ny volana Marsa 2019 no nisy ny fivoriana niarahana tamin'ireo mpiasan'ny Andrimpanjakana roa tonta (Antenimierandoholona sy Antenimierampirenena) izay namolavolana ity Tolo-pehin-kevitra ity. Noho ny fahabetsahan'ireo kandida tsy miakina sy ny ny fahitana ireo lesoka tamin'ireo fahefana mpanao lalàna tany aloha no antony nandrafetana ity Tolo-pehin-kevitra ity ary koa ho famerenana ny fahatokisan'ny vahoaka ireo olom-boafidy sy ho famerenana ny hasin'ny Parlemanta.

Nanamarika ihany koa ny teknisiana avy amin'ny CSI, fa fanampiana ara-teknika ihany no entin'izy ireo amin'izany.

Nandritra ny fotoam-pivoriana izay notanterahin'izy ireo tamin'ny fandraisana ireo hevitra niarahana tamin'ny mpiasan'ireo Andrimpanjakana roa tonta dia nisy ny fangatahan'ireo mpiasa ny hampidirana mikasika ny fiarovana ny zon'olombelona ao anatin'ity Tolo-pehin-kevitra ity.

Vita izay dia niroso tamin'ny famakiana sy fandinihana isan'andiny ny mpivory. Avy eo dia niroso tamin'ny fametrahana ny fanontaniana sy fanamarihana ireo mpivory.

- FANONTANIANA SY VALINY

- 1- Inona ny maha samihafa ny «disponibilité» sy ny «détachement»?
  - Ny «disponibilité» dia tsy mandray karama sy «indemnité», tsy afaka manao «avancement». Ny «détachement» kosa mbola afaka manao «avancement».
- 2- Nankaiza ny «redevable» tamin'ny voalohany?
  - Ny anjara asan'ny Solombavambahoaka dia mihoatra lavitra ny «redevabilité», ny «respect du droit» no mahafehy azy kokoa ary mahafehy lavitra ny «intégrité et redevabilité» ny «sens du devoir».
- 3- Raha toa ka misy zavatra omen'olona iray kanefa hoe «frais de déplacement» ohatra no «titre» hanomezany azy dia ahoana, mikasika ny asa anefa ny zavatra?
  - Afaka mandray ihany raha toa ka latsaky ny 1 000 000 Ariary ary tsy misy «chantage» no nahazahoana azy. Raha miteraka «influence» dia hafahafa ihany. Raha mihoatra an'io 1 000 000 Ariary io dia azo raisina ihany, fa anaovana fanambarana any amin'ny «Comité de l'éthique et de déontologie».
- 4- Handray olona hafa ankoatran'ny Solombavambahoaka ve ny ao anatin'ny «Comité de l'éthique et de déontologie». Iza avy no ampidirina ao?
  - Tsy handeha io «Comité de l'éthique et de déontologie» io raha tsy Solombavambahoaka no ao anatin'ny, ny Filohan'ny Antenimierampirenena sy ny Filohan'ireo Vondrona Parlemantera no misafidy ny Solombavambahoaka hisolo toerana azy ireo ao.
- 5- Raha miova ny isan'ny Vondrona Parlemantera dia hiova indray ve ny firafitry ny «Comité de l'éthique et de déontologie»?
  - Manaraka ny isan'ny Vondrona Parlemantera ny isan'ny olona mandrafitra ny «Comité de l'éthique et de déontologie».

- FANAMARIHANA

- 1- Tsara ihany ny ametrahana ny mikasika ny fiarovana ny zon'olombelona ao anatin'ity Tolo-pehin-kevitra ity.
- 2- Eo ihany koa ny mikasika ny «séparation des pouvoirs» izay tokony hampidirina ao anatin'ity Tolo-pehin-kevitra ity.
- 3- Tsara ihany ny hametrahana olom-boafidy teo aloha mba ho fakana hevitra, ohatra ny Filoham-pirenena na ny Filohan'ny Andrimpanjakana teo aloha izay toteny ary mahafantatra tsara ny andraikitry ny olom-boafidy.



Taorian'izany dia niroso tamin'ny fandaniana ny Tolo-pehin-kevitra ny mpivory ka toy izao ny firosoan'izany fandaniana izany:

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;

LOHATENY VOALOHANY: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;

Andininy voalohany: lany nasiam-panitsiana fa tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-2: lany nasiam-panitsiana fa tsy nasiam-panovàna.

LOHATENY FAHA-2: lany nasiam-panitsiana fa tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-3: lany nasiam-panitsiana fa tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-4: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;

Andininy faha-5: lany nasiam-panitsiana fa tsy nasiam-panovàna;

Andininy faha-6: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;

LOHATENY FAHA-3: lany nasiam-panitsiana fa tsy nasiam-panovàna;

LOHAHEVITRA VOALOHANY: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-7: lany nasiam-panitsiana fa tsy nasiam-panovàna;

Andininy faha-8: lany nasiam-panitsiana fa tsy nasiam-panovàna;

LOHAHEVITRA FAHA-2: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-9: lany nasiam-panitsiana fa tsy nasiam-panovàna;

Andininy faha-10 : lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;

LOHAHEVITRA FAHA-3: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-11: lany nasiam-panitsiana fa tsy nasiam-panovàna;

Andininy faha-12: lany nasiam-panitsiana fa tsy nasiam-panovàna;

Andininy faha-13: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;

LOHAHEVITRA FAHA-4: lany tsy nasiam-panitsiana fa nasiam-panovna

Andininy faha-14 : lany nasiam-panitsiana fa tsy nasiam-panovàna;

Andininy faha-15: lany nasiam-panitsiana fa tsy nasiam-panovàna;

Andininy faha-16: lany nasiam-panitsiana fa tsy nasiam-panovàna;

Andininy faha-17: lany nasiam-panitsiana fa tsy nasiam-panovàna;

Andininy faha-18: lany nasiam-panitsiana fa tsy nasiam-panovàna;

LOHATENY FAHA-4: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna;

LOHAHEVITRA VOALOHANY: lany tsy nasiam-panitsiana fa nasiam-panovàna;

SAMPANA VOALOHANY: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna;

Andininy faha-19: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;

Andininy faha-20: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;

Andininy faha-21: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;

Andininy faha-22: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;

Andininy faha-23: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;

Andininy faha-24 : lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;

Andininy faha-25: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;

Andininy faha-26: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;

Andininy faha-27: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;

Andininy faha-28: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;

Andininy faha-29: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;

Andininy faha-30: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;  
Andininy faha-31: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;  
Andininy faha-32: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;  
Andininy faha-33 : lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;  
Andininy faha-34: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;

SAMPANA FAHAROA: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna;

Andininy faha-35: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;  
Andininy faha-36: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;  
Andininy faha-37: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;

LOHAHEVITRA FAHA-2: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;

Andininy faha-38: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;  
Andininy faha-39: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;  
Andininy faha-40: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;  
Andininy faha-41: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;  
Andininy faha-42: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;  
Andininy faha-43: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

LOHAHEVITRA FAHA-3: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;

Andininy faha-44: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;  
Andininy faha-45: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;  
Andininy faha-46: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;  
Andininy faha-47: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

FEPETRA FARANY

Andininy faha-48: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;  
Andininy faha-49 : lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;  
Andininy faha-50: lany nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2019/PR «portant code d'éthique et de déontologie de l'Assemblée Nationale» natolotry ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee, voafidy tao Vondrozo.

Nifarana tamin'ny 6 ora sy 30 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra ny Mpampakateny nitondra ny tatitra teo.

Sao misy manana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra novakiana tamintsika teo.

Tsara marihina, fa mbola tsy miditra amin'ny votoatiny isika, fa raha ohatra misy fanitsiana momba ny tatitra novakian'ny Mpampakateny teo, raha misy manan-kolazaina amin'izany, angatahana mba hanangan-tànana handrasana ny anarany.

Tsy misy.

**- Adihevitra ankapobeny -****Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert**

Manao azafady, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba antsika rehetra.

Mbola tsy hiditra amin'ny "fond" ny tenako, Andriamatoa Filoha, fa raha ampitahaina amintsika Solombavambahoaka vitsy an'isa ity tolo-pehin-kevitra ity dia sarotra ny zavatra voasoratra ao. Noho izany, sarotra koa ny handraisana fanapahan-kevitra ho an'ny olom-bitsy mikasika izany. Raha amiko manokana, tsy tokony mbola handinika na hanapaka ity tolo-pehin-kevitra ity isika satria ainan'ny Solombavambahoaka no voalaza ato.

**Andriamatoa FILOHA**

Momba ny tatitra fotsiny aloha hatreto no resahantsika Solombavambahoaka hajaina, fa rehefa avy eo isika miditra amin'ny votoatiny sy ny antsipiriany.

**Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert**

Ny mahatonga ny tenako milaza izany, Andriamatoa Filoha, tsy te-hiditra amin'ny tatitra mihitsy aho. Araka ny voalaza ato anatin'ny "déclaration" vao novakiako teo dia mila manao fanambarana mikasika vady aman-janaka, mikasika ny "activité" ny Solombavambahoaka tsirairay. Mbola tsy namaky azy ity aho, fa vao sambako ny hamaky azy. Raha ny marina, ny fivoriana mihitsy no efa tsy tiako hidirana raha tsy efa tonga maro ny Solombavambahoaka manatrika izany.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra betsaka anao Solombavambahoaka hajaina. Sao misy manan-kambara azafady, mikasika ny tatitra novakiana teo.

Tsy misy.

**Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miombon-kevitra amin'Andriamatoa Filohan'ny Vondrona Parlemantera aho. Iza no antony: ny fanontaniana, Andriamatoa Filoha, manao hoe sao misy manan-kolazaina izahay. Izaho aloha tsy te-hiditra amin'ny tatitry ny asam-baomiera satria raha vao miditra amin'izany aho, efa miditra sahady amin'ny fandinihana ity resaka ity. Tsy te-hiditra amin'izany anefa aho raha tsy tonga avokoa ny Solombavambahoaka. Vitsy an'isa loatra isika kanefa raharaha mikasika antsika no hodinihana eto ary maro ny zavatra tianay hidirana mikasika izany. Koa raha te-hiditra amin'izany tatitra izany dia lasa miditra avy hatrany amin'ny adihevitra. Andriamatoa Filoha, mangataka aho mba hatao tsangan-tànana ny hevitra noraisina teo. Tsapa fa hiditra lalina amin'ny votoatiny isika, izay no tsy hampisy ny fivoriana androany. Noho ny fahavitsiantsika no mahatonga ahy hiombona amin'ny resak'Andriamatoa Filohan'ny Vondrona teo.

Misaotra Tompoko.

### **Andriamatoa FILOHA**

Ny tatitry ny asam-baomiera fotsiny aloha.

Misaotra anao Andriamatoa Solombavambahoaka hajaina.

Rehefa avy eo isika vao miditra amin'ny votoatiny, hijery ny isan'andininy, fa mikasika ny asam-baomiera aloha. Misy tatitra nataon'ny vaomiera teo, iny no angatahana fanamarihana na fanitsiana avy amintsika. Ny tatitra aloha no resahana.

Tsy misy manan-kambara intsony ve.

Tsy misy.

Tompokolahy sy Tompokovavy, vita izay ny fanitsiana ny tatitra.

Alohan'ny hirosoana amin'ny adihevitra ankapobeny, omentsika fitenenana ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee, voafidy tao Vondrozo, nanolotra ity tolo-pehin-kevitra ity.

Manao satroka ny Solombavambahoaka RABEKIJANA Solofo Hery.

### **Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba anareo teknisiana sy isika Solombavambahoaka rehetra.

Fanontaniana apetraka, Andriamatoa Filoha, inona no mahatonga antsika ho vitsy.

Misaotra Tompoko.

### **Andriamatoa FILOHA**

Manangan-tànana ny Solombavambahoaka ANDRIANTAHIANANOMENJANAHARY Felicien.

### **Andriamatoa ANDRIATAHINOMENJANAHARY Felicien**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba ny vahiny rehetra.

Miarahaba antsika rehetra atoa amin'ny efitrano fivoriantika.

Ny zavatra tsy azoko, Andriamatoa Filoha, dia izao: rehefa nanapaka ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirena isika, tapaka tamin'izany fa ny andro Alatsinainy tsy tokony hivory ny Antenimierampirenena. Androany Alatsinainy tsy mivory isika, fa eritreretina hoe mandeha mitsidika ny Distrika ny Asabotsy sy Alahady, ny Alatsinainy isika vao miverina. Ny mahagaga ahy, taty aoriana lasa nivory indray isika androany. Omena tsiny ve ny Solombavambahoaka raha tsy tonga satria izay no nolaniantsika tamin'ny Fitsipika Anaty, fa rahampitso sy afakampitso isika no vitsy dia mety ho ...

Izaho tsy hiteny intsony amin'ny zoky be tatsy hoe amin'ny 9 ora ny fivoriana; izao amin'ny firy vao manomboka isika. Ny ahy, Andriamatoa Filoha, anisan'ny manohana ny tenin'ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera teo aho hoe: tena asa sy ny aintsika no ato, ka aleo mba ho maromaro vao hotapahana ity zavatra ity.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**

Omena an-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore ny fitenanana.

**Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba anao sy ireo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra;  
Miarahaba antsika rehetra Solombavambahoaka sy ireo teknisiana manatrika eto.

Ombako manana tokoa ny hevitra ny Solombavambahoaka nandray fitenenana hoe: mikasika ny fiainantsika amin'ny maha Solombavambahoaka antsika ity "résolution" atolotra eto ity.

Etsy andaniny, efa samy nahazo ny fanapahan-kevitra ny "Conférence des Présidents" isika tamin'ny fotoan'androny. Nanao "Conférence des Présidents" tamin'ny 25 Novambra 2019 teo, izay nampahafantatra ny fandaharam-potoanantsika amin'ny fiafaran'ity fotoam-pivorian'ny Antenimierampirena ity. Nisy koa fiantsoana sy ny fampahafantarana maro, indrindra ny soratra sosona nalefan'ny tomponandraikitra ny "Service des Commission et des Etudes" mikasika ny asam-baomiera sy ny SRP mikasika ny "séance plénière" hatrehantsika; ao anatin'izany ny fandaharam-potoana anio.

Raha ohatra tsy hatao ny adihevitra androany, mba mangataka, Andriamatoa Filoha, tena apetraka ho hentitra, tena hisy fotoana hiantsoana ny rehetra ary tsy maintsy tonga handinihantsika azy; satria ity zavatra nangatahina ho tapahintsika androany ity dia manamafy ny tenin-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirena tamin'ny nametrahana an'ity Antenimiera vaovao ity hoe: hapetraka amin'ny toerana maha izy azy ny Antenimierampirenena ary hatao ny fanatsarana sy famerenana ny hasin'izany Andrimpanjakana izany.

Ombako manana, hoy aho teo, ny mikasika antsika rehetra. Izay no angatahako hoe: raha hotapahina, fa tsy hatao ny dinika androany; mba mangataka, tena ho hentitra ny fandaharam-potoana manaraka ahafahantsika mandinika sy mametraka an'ity tolo-pehin-kevitra ity.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra, an-dRamatoa Solombavambahoaka isika.

Mangataka fitenenana ny Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritanin'i Toliara.

**Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Isika namana Solombavambahoaka, ianareo avy ao amin'ny CSI.

Manalasalala toa vozon'ankoho ihany ity raharaha ity, Andriamatoa Filoha; satria voalohany, raha misy angamba Andrimpanjakana izay mahabe resaka indrindra dia ity Antenimierampirenena ity. Samy manao hadalana koa any amin'ny Andrimpanjakana hafa, fa ny Antenimierampirenena no hita. Ny endrika omena antsika ary misy mivoy an'izany dia hoe: tsy miady afa-tsy ny tombotsoany, tsy miady afa-tsy fiara tsy mataho-dalana, tsy mpandany lalàna, tsy manao tolo-dalàna akory ny Solombavambahoaka. Izay no fijerin'ny hafa antsika.

Ny zavatra misy anefa, Andriamatoa Filoha dia mahay an'izay na ireo Solombavambahoaka efa nahavita "mandat" maromaro tato na ireo vaovao ireo. Tsorina etoana, Andriamatoa Filoha, fa raha mba misy manana fiara amintsika ireo angamba ny Solombavambahoaka tranainy.

Noho izany, fiaran'ny Solombavambahoaka iza no mbola nitondra marary, razana aza indraindray ary ny karaman'ny Solombavambahoaka iza no mba tonga any amin'ny vadiny, fa lany anaovana asa soa ho an'ny vahoaka. Tsy misy mahafantatra an'izany Andriamatoa Solombavambahoaka ary tsy misy miteny, fa dia mpiady tombotsoa isika, izay no heno. Angamba tsy misy afaka mandà an'izay isika Solombavambahoaka, fa ny mifanohitra amin'izay aza.

Ny tiako ahatongavana, Andriamatoa Filoha, dia eo amin'ny fiaraha-miasantsika sy ny Mpanatanteraka. Ohatra raisiko amin'izany ny tsy fandanianana lalàna teo. Raisina ohatra vetivety teo ny "proposition de loi relative aux professions et activités du cinéma"; efa mba Minisitra kely ihany ny tena nandritra ny fotoana fohy, Andriamatoa Filoha. Mahafantatra tsara izany ianao satria mpikamabana tao amin'ny Governemanta ihany koa. Ny zava-misy anefa, rehefa «projet de loi» avy amin'ny Governemanta, laniana tsy misy hatak'andro ato amin'ny Antenimierampirenena. Raha vao "proposition de loi" miainga avy ato amintsika, tsy mbola nahita masoandro hatramin'izao anefa isika ihany no mifidy azy, satria vao miainga avy ato amintsika izany ary anisany «auteur de loi» mikasika ny toaka gasy ihany koa ianao, Andriamatoa Filoha, kanefa narirarira, hany ka manjary maty momoka avy eo. Noho izany, manjary miteraka fifanomezan-tsiny ho antsika indray izany tsy fahatanterahan'ny tolo-dalàna izany.

Momba ny "proposition de loi" mikasika ny "cinéma" teo, hitantsika fa ao anatin'ny asam-baomiera izahay no nolazaina koa fa ahemotra. Mbola ny zavatra haingana izay nolazaiko teo izay.

Andriamatoa Filoha, ohatra ny te-hiombon-kevitra amin'ireo namana ireo koa ny tenako. Ialana tsiny amin'ny zandry be, ANDRIANAMBININA Djohary Lee, tompon'ny «proposition de loi». Manaiky zato isan-jato aho, Andriamatoa Filoha; izay ihany koa no fampanantenana nomen-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena, mba hanadio ny endrintsika isika. Anisan'izany ohatra, rehefa misy zavatra tapaka ato amin'ny fivoriantika dia tokony hajaina. Inona anefa no zava misy. Androany izao, Andriamatoa Filoha, nisy fanovàna ny fandaharam-potoanantsika. Araka ny voalazan'ny «Règlement Intérieur» mifehy antsika, milaza fa rehefa resaka fandaharam-potoana izany, tsy maintsy misy «Conférence des Présidents» izay vao azo alefa eto amin'ny fivoriambe. Eo vao afaka manova ny fandaharam-potoana. Izao anefa isika, misy ny fandaharam-potoana hafa satria ny Governemanta mangataka ny hampidirana "projet de loi" ao anatin'izany. Marina fa iankinan'ny aim-pirenena ny fampandrosoana ny Malagasy, ka tsy misy manohitra an'izany, Andriamatoa Filoha. Raisina ohatra ny mikasika ny "projet de loi" na "accord de prêt", ekena izany satria izay no tadiavintsika hatao. Ny fitadiavana ny marimaritra iraisana koa torak'izany. Enga anie ka ho betsaka ny tahak'izany. Hita araka izany, fa noho ny fandikan-dalàna ataon'izy ireo no nahavoatery antsika handika lalàna kanefa miantefa amintsika Solombavambahoaka ihany ny tora-bato.

Ny tiako ahatogavana, raha ohatra atao izay, manaiky 100% ny tenako, fa raha sanatrian'ny vava kosa entina hamatorana antsika rahampitso sy amin'ny manaraka na entina hanamorana ny fanesorana ny "immunité parlementaire"-ntsika ny anton'izany, tena tsy miombon-kevitra amin'izany aho. Ohatra, inona no vola tantanantsika Solombavambahoaka ka hanaovana fanambarana ny karaman'ny vadiko. Fandanianay mivady ny karamany ve no hanaovako fanambarana. Mba firy ny firenena no manao izany eto ambonin'ny tany.

Tsy halavaiko ny resaka, Andriamatoa Filoha, fa azonareo no tiako resahana. Koa mametraka fialan-tsiny ary miombon-kevitra amin'izay ny tenako amin'ny hanovàna ny "code d'éthique"-ntsika 100%" ary maro ny zavatra tiana hazavaina ao anatin'izay.

Farany, Andriamatoa Filoha, vao androany maraina; tsy eto an-toerana ny Solombavambahoaka FIENENA Richard Désiré. Tsy mahay "facebook" aho; nasehony ahy tamin'ny maraina, fa misy fiara "plaque rouge" nitondra "mariage" tamin'ny Sabotsy teo niely manerana ny tambazotra. Inona no "communiqué" avoakan'ny Governemanta amin'nizany; tsy tokony haparitaka ny zavatra hoatran'ireny, fa mampikorotana saim-bahoaka.

Tsy tsotra ve, Andriamatoa Filoha, ny manontany ny laharan'ny fiara na anaran'ny Minisitry na ny Tale na ny Lehiben'ny Sampandraharaha izay nampiasa ny fiara. Ny tokony hataon'ny Governemanta dia ny fitadiavana ny olona nampiasa izay fiara izay, ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny fisintonana avy hatrany ny fiara eny an-tànany ary ny fandroahana tsy misy hatak'andro ho an'izay nanao fahadisoana. Tsy ampandriana adrisa fotsiny na sakanana mba tsy hanaparitaka izany. Ny zavatra tokony hataon'ny Governemanta dia misaotra ireo mpiray tanindrazana amin'ny fampahafantarana anay mikasika izany. Raha mbola misy sanatrian'ny vava ny trangan-zavatra toy izany amin'ny manaraka, tokony hifanampy isika, satria izany ady amin'ny kolikoly izany, tsy vitan'ny Solombavambahoaka irery na dia hogadraina daholo aza isika ato amin'ny "législature" ity.

Raha mbola isika ihany no manao ny "code d'éthique" momba antsika, ka ny sasany tsy hanao dia mametraka fialan-tsiny aho ary mba te-handre ihany koa ny hisian'ny "projet de loi" avy amin'ny Governemanta hoe: tokony hanana ny "code d'éthique" koa ny mambran'ny Governemanta.

Misaotra Tompoko.

- Tehaka -

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra, ny Solombavambahoaka voafidy tany amin'ny Distrikan'i Betioky, sady Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena, naneho ny heviny teo.

Fampahatsiahivana angamba, ny tokony hifampizarana, ny Andrimpanjakana misy antsika ity dia anisan'ny nahabe resaka tamin'ny Antenimierampirenena voalohany tamin'ny Repoblika faha-IV. Raha namoaka Didy ny HCC mikasika ny fahalaniansika ho Solombavambahoaka tamin'ny 2 Jolay 2019 dia mbola nanafatrafatra ary nametraka hafatra mba hisian'ny fahatsaran'ny fitondran'6tena sy ny fomba fanao eto amin'ity Andrimpanjakana ity. Heverina fa izay no nanosika ny namana ary nahatonga ny fironana hitodika amin'ny tokony hanamboarana ny Fitsipika Mifehy Fitondran-tena sy ny fomba fanaon'ny mpikambana ato amin'ny Antenimierampirenena.

Tsy diso, iombonana ny fahatsapan'ny rehetra ary izay nandray fitenenana teo aloha nanamafy, fa fantatra ny fiaraha-monina eto Madagasikara, indrindra ny fanenjehana tsy ara-drariny ity Andrimpanjakana ity. Izay lafiny roa izay no tokony holanjalanjaintsika tsara alohan'ny handraisantsika fanapahan-kevitra.

Mbola misy nangataka fitenenana ny Solombavambahoaka namana teo, ampandraisina fitenenana aloha ny Solombavambahoaka roa, avy eo ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera MAPAR.

Omena ny Solombavambahoaka tompon'ny tolo-pehin-kevitra ny fitenenana rehefa avy eo ary mandray ny Solombavambahoaka voafidy tany Ankazoabo aorian'izay. Manaraka, ny Solombavambahoaka voafidy tao Amparafaravola.

### **Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin**

Misaotra, Andriamatoa Filoha Lefitra, nanome ny fitenenana.

Manaja anareo eny amin'ny «perchoir».

Faly miarahaba ny vahiny tonga manatrika izao fivoriana izao, ry zareo ao amin'ny CSI sy ny Minisitry.

Misaotra amin'ny fanotronana.

Ny teny entinay amin'ny maha Filohan'ny Vaomieran'ny Asam-panjakana, ny Asa ary ny Lalàna Sosialy anay dia fisaorana manokana an'ireto vahiny ireto amin'ny tolo-kevitra izay nentina. Hitanay fa tsy mora tokoa ny asa satria fa lavalava ihany tolo-kevitra nomen-dry zareo, niainga tamin'ny zavatra efa nisy tato taloha, fa tsy hoe zava-baovao. Fanatsarana no nentina tato amin'ny Vaomieran'ny Asam-panjakana, ny Vaomieran'ny Raharaham-bahiny ary ny Vaomieran'ny Lalàna.

Isaorana manokana ny mpikambana izay tonga satria efa indimy no nanao an'ity "travaux des commissions" ity ary lavalava ihany izany. Nezahina mihitsy mba tsy ho sanatria isika no hamato-tena na isika no hanala ny "umminité"-n'ny Solombavambahoaka kanefa isika ihany no nanao azy. Tsy any amin'izay foto-pisainana izay no nanaovana ny "code d'éthique et de déontologie", fa amin'ny asam-panjakana ary amin'ny "Institution" tahaka itony, rariny tokoa arak'izay "recommandation" nataon'ny HCC izay.

Tsara ny hisian'ny "code d'éthique et de déontologie" ato amin'ny Antenimierampirenena; niezaka izahay ny hanamora azy. Niezaka izahay mba hipetrahan'izany sy hiverenan'ny hasina maha Solombavambahoaka ny Solombavambahoaka. Nasongadina tamin'izany ny resaka "assiduité". Amin'izao fotoana izao isika, efa mizaka an'izay sahady satria isika ihany no tsy ampy isa. Izany rehetra izany no ao anatiny. Tsy any amin'ny resaka sazy na fanalana ny zo ananantsika Solombavambahoaka, fa izahay tsy hanaiky mihitsy raha ny "umminité"-ntsika no esorina. Tsy izay mihitsy ny "code d'éthique et de déontologie", fa ny fitsipi-pitondran-tena tokony mahamendrika. Izay no tokony hifanoroana. Izay no nahatonga anay nanao azy ity.

Manoloana ny volavolam-pehin-kevitra kosa, mankahery antsika mianakavy handinika azy. Tsy misakana ny hitadiavantsika fotoana manaraka izany. Raha amin'izay no mahabetsaka antsika, ka mahatonga azy heken'ny rehetra; azonay atao mihitsy izay, fa ny asanay tany amin'ny Vaomiera aloha efa vita, koa anjarantsika no mitondra ny fanovàna.

Misaotra Tompoko.

### **Andriamatoa RAKOTONDRASOA Fetra**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba antsika rehetra sy ireo vahiny ihany koa.

Manamafy ny resaka efa natao teo. Ny tiako hotenenina, toa manalasalà ohatran'ny sahafa izy ity, ka ny lamosiny indray no mibontsina. Isika Solombavambahoaka mihitsy no mila tonga saina. Hoy aho hoe: inona no tena olana. Talohan'ny fifidianana isika nangataka hoe: aleo hiato aloha ny fandaharam-potoana, fa aorian'ny fifidianana manao izay tratry ny hery isika handinika ny lalàna. Naato ny fivoriana tamin'izay. Vita ny fifidianana, rehefa nojerena tany anaty Vaomier, Solombavambahoaka roa na telo no tonga mivory amin'ny fivoriambe tahaka izao. Ny fomba fanao hatram'izay, raha amin'ny 9 ora no manomboka, amin'ny 2 ora na amin'ny 01 ora sy sasany isika androany vao niditra. Ny "code de déontologie"-ntsika mianakavy no hodinihana androany, zara anefa raha misy ampahatelon'ny Solombavambahoaka no tonga. Ny tiako hotenenina, tena mahatsapa ny asan'ny Solombavambahoaka ve isika mianakavy sa Solombavambahoaka tsy nahy teny fotsiny. Tsy haiko hoe inona no fialan-tsiny ahafahana mijery an'izao fahabangana be ato anatin'izao efitrano fivoriana izao.

Raha soso-kevitra tiana aroso, satria mety sarotra ho antsika ny hanapakevitra eo amin'ny toeran'ireo marobe tsy tonga satria mikasika antsika rehetra ity. Miombon-kevitra amin'ny fanemorana ny fandinihana azy ny tenako. Ahemotra rahoviana anefa, iza koa no hino fa ho betsaka noho izao no ho tonga rehefa ahemotra indray. Any ho any no mipetraka ny olana, lasa mihodinkodina amin'ny zavatra tsy alehany loatra izany isika.



Tsy azo antoka hoe rahampitso no hatao ny fandinihana azy ity; iza no milaza fa ho tonga maro eto isika Solombavambahoaka. Rariny raha be resaka ny olona satria isika ato no azo lazaina fa akaiky ny vahoaka.

Mandeha ihany koa ny haino aman-jery ato anatin'ity toeram-pivoriana ity mijery ny isan'ny olona tonga; zara raha misy. Koa te-hanolo-kevitra aho, aleo ahemotra. Tsy tokony mbola hiadiana hevitra hoe: aleo tsy hatao Alatsinainy. Raha ny sitrapon'ny Solombavambahoaka angamba, tsy hiasa mihitsy. Izay ihany no endrika hiseho ato amin'ity Antenimierampirenena ity. Aleo horaisina ny fanapahan-kevitra, Andriamatoa Filoha, hoe ahemotra ity zavatra ity. Tsy fantatro, rahampitso indray mitondra ambavaka mba hisy Solombavambahoaka betsaka, fa efa tsy laitry ny fananarana angamba isika.

Misaotra Tompoko.

### **Andriamatoa FILOHA**

Handray fitenenana ny Solombavambahoaka nomena fitenenana teo, fa fampahatsiahivana fohifohy angamba.

Ny nahatonga ny fametrahana hoe: tsy mivory ny Solombavambahoaka rehefa Alatsinainy dia ho an'ny Solombavambahoaka tena miasa. Izany Solombavambahoaka izany vao mivoaka eo antokontany, efa samborin'ny olona amin'ny zavatra maro. Efa miasa izy ao anatin'ireny fisamboran'ny olona azy ireny; na izy samborin'ny mpanao gazety na izy samborin'ny vahoaka malagasy sahirana.

Ny nahatonga ny fanapahan-kevitra tamin'izany, tsara raha ampahatsiahivina; nolazaina fa mandeha any amin'ny Distrika nahalany azy izy manao ny adidy sy ny andraikitra ary rehefa Alatsinainy izy ireo no miverina. Eny an-dalana miakatra eto an-drenivohitra mamonjy ny fivoriana eto Tsimbazaza izy amin'izany. Noho izany no nahatonga ny fanapahana tamin'izay fotoana izay ary nampidirana tao anatin'ny Fitsipika Anaty izany.

Tsetratsetra tsy aritra iny, fa hiroso avy hatrany amin'ny fandraisam-pitenenana araka ny fandaharana teo aloha isika.

Misaotra Tompoko.

### **Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba antsika rehetra eny amin'ny «perchoir».

Miarahaba antsika namana Solombavambahoaka sy ianareo teknisiana.

Tsotra no tiako horesahina mikasika azy ity. Betsaka ny zavatra namboarina tato anatin'ity "texte" ity. Raha mijery ny "tableau des amendements" ianareo, saika nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna daholo ny andininy tsirairay tato anatin'ity tolo-pehin-kevitra ity. Izany hoe namboarina tanteraka izy ity, mba hifanaraka amin'ny eritreritsika Solombavambahoaka. Ny tena Solombavambahoaka ka tsy hitady zavatra hamatotra ny tena mihitsy.

Mikasika ny "article 9, alinéa 3" io; izany hoe raha hiditra amin'ny fandinihana azy isika, farafahabetsany telo no zavatra mety hanahirana antsika ao. Ilaintsika koa ny hanaovana adihevitra, fa tonga dia alefaso any daholo; tsy maintsy misy ihany fanapahan-kevitra raisintsika eto mikasika azy ity.

Betsaka araka ny teniko teo ny efa natao ary nandaniana ron-doha mihitsy izy ity. Betsaka ny zavatra novaina tao anatiny. Misy ny atao hoe "déchéance" tato, fa raha mamaky ianareo, tsy misy an'izany intsony. Betsaka ny zavatra efa namboarina hifanaraka amin'ny zava-misy, inona no mifanaraka amin'ny soatoavina Malagasy.

Izaho tsy mandà hoe ahemotra, fa aleo tena dinihantsika Solombavambahoaka ity “code” ity. Tena hojerentsika “point par point” mihitsy izay vao laniana ny “code”. Aleo isika manana “code d’éthique et de déontologie”. Tsy hoe izaho no nanolotra azy dia tsy maintsy atao, fa manatsara ny endritsika Solombavambahoaka ny fananantsika an’izay “code d’éthique” izay. Raha misy, hoy aho, hiditra amin’ny fandihana azy ity androany, tsy ampy antsasakadiny dia vitantsika izany satria maro amin’ireto “articles” ireto no efa mety. Izay kely sisa tsy mety amintsika no sisa hovaina.

Izaho aloha mbola mampirisika ihany, andao hidirana ny fandinihana azy. Tsy handany andro antsika ity satria tsy betsaka intsony ny zavatra manahirana ao anatin’ny raha oharina amin’ny zavatra efa nitondrana fanitsiana tao anatin’ny.

Misaotra Tompoko.

### **Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Raha oharina amin’ny tenin’Andriamatoa Filoha Lefitra avy any Toliara teo iny, misy isaintsainana ity zavatra ity.

Sanatrian’ny vava tsy isika Solombavambahoaka indray no tsy hanaja ny «proposition» nataon’ny namantsika. Tsy manana eritreritra an’izany mihitsy izahay satria nanamarika Andriamatoa Filoha Lefitra teo, fa ny “proposition de loi” tamin’ity, tsy nisy nandeha mihitsy, fa ny avy any amin’ny Governemanta foana no mandeha. Sanatrian’ny vava, tsy fandavana ankitsirano ny zavatra hataontsika; tsy izay no izy, Andriamatoa Filoha Lefitra.

Raha mikasika ity zavatra ity, tsy tokony hodinihana mihitsy, Andriamatoa Filoha.

Raha jerentsika ato amin’ny “chapitre II”, resaka “déclaration d’activités”. Anaovy fanambarana ny zavatra ataon’ny vadinao, ny zanakao, ny «assistant»-nao, ny “activités”-nao. Anaovy fanambarana avokoa izany. Inona no dikan’izany rehetra izany. Inona no antony ampidirana izany hodinihana ato.

Amin’izao fotoana izao, resaka “assiduité”, heverintsika ve taratasy tsy ampy no mahatonga antsika izao tsy tonga mivory. Tsy resaka taratasy ohatr’ireto mihitsy no mahatonga ny Solombavambahoaka tsy ho tonga, fa zavatra hafa. Aleo rehefa maro ny Solombavambahoaka vao atao ity satria ny fiainany no voaresaka ato. Solombavambahoaka marobe no miara-manapakevitra amin’izany; amin’izay miara-maty ato isika; fa tsy Solombavambahoaka telo sy efatra no hamono olona miisa 151.

Izay no mahatonga anay, Andriamatoa Filoha, miteny amin’ity raharaha ity, fa tsy fahalainana amin’ny asa nataon’ny Solombavambahoaka tsy akory. Tena ankasitrahana ary mbola entanina ny Solombavambahoaka rehetra hanao “propositions des lois” marobe. Raha hita fa zavatra hanahirana antsika ity kanefa hodinihana maika sahala amin’izao; miala tsiny, Andriamatoa Filoha, aleo miandry namana maromaro.

- Tehaka -

### **Andriamatoa FILOHA**

Omena ny Solombavambahoakan’Ankazoabo ny fitenenana. Omena fitenenana ihany ny Solombavambahoakan’i Morafenobe rehefa avy eo.

Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques indray no nitarika ny fivoriana teto.

### **Andriamatoa FILOHA**

Raha tahaka ahy, manaiky ny hamerenana azy aho. Izay mihitsy, sao tsy azonao ny zavatra tiako hotenenina. Ohatra fotsiny, ato koa misy ny fanarahana ny “séparation des pouvoirs”, sns...

Fanamafisana ihany, Andriamatoa Filoha; mitovy ny hevitsika.

Andriamatoa avy any Ankazoabo, Andriamatoa VONINAHITSY, Ramatoa JOHASY Eleonore, Andriamatoa RABEKIJANA; manaraka izay laharana izay, Tompoko, mandrapahatongan'Andriamatoa Filoha, mpitarika ny fivoriana.

**Andriamatoa PEPIN Michou**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba ianareo vahiny tonga eto.

Miarahaba ny Solombavambahoaka namana rehetra.

Andriamatoa Filoha, mikasika tsy fanajantsika ora fahatongavana no tiako hotenenina. Amin'ny 10 ora no fotoana omenareo hanombohana ny fivoriana kanefa amin'ny 2 ora, tolak'andro, isika vao miditra. Koa ataon'ny Solombavambahoaka ahoana ny tsy hody. Ianao ihany no milaza fa ny vola ao am-paosy efa tsy ampy, ka ahoana no hisakafoanana any amin'ny hotely. Noho izany, tsy maintsy mody aloha. Maro ny Solombavambahoaka tonga teto kanefa lasa nody ny ankamaroany satria ianareo tsy miteny hoe amin'ny 2 ora, tolak'andro, isika no mivory, ka atao ahoana no tsy hody. Ny tiako atao, Andriamatoa Filoha, tsy hitako ny tsy ananganantsika tàmàna, manaraka ny hevitra ny Filoha isaky Vondrona isika. Tsy hitako izay horesahana fa atao tsangan-tàmàna dia hohitantsika eo.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa FILOHA**

Manao satroka ny Solombavambahoaka RABEKIJANA Solofo Hery.

**Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery**

Manao satroka Tompoko.

Raha ny fandaharana ny fandraisam-pitenenana teo, Andriamatoa Filoha, vita ny azy, avy eo izaho no miteny.

Ny zavatra fantatro mikasika azy ity, misy mpanao gazety eto, misy teknisiana ihany koa. Raharahantsika Solombavambahoaka aloha no tokony hojerena. Ilangaviako raha mety, aleo isika hanao "huis clos" vetivety izay vao miditra amin'ity zavatra ity.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Voalohany indrindra, manamafy ny resaky ny namana teo ny tenako, fa tokony hanao "huis clos" aloha isika. Tsy vitan'izay, Andriamatoa Filoha, fa izahay nangataka ny fanemorana amin'izay mba betsaka ny isantsika. Mbola misy soso-kevitra tianay hampidirina ihany amin'ity raharaha ity satria fiofanana ho antsika koa anie satria misy amintsika Solombavambahoaka tsy fantatra, misy ny ataontsika hoe tsy fahaizan-javatra. Izany hoe, tsy ampy solaitra na "stylo" hany manao amboetra fotsiny izao. Ny sasany raha mandeha any amin'ny tany misy azy any, manarama olona 10 lahy mandeha milanja azy. Heverinareo ve fa zavatra mahafinaritra izany. Hilanja azy fotsiny, sady milaza fa izaho anie ka Solombavambahoaka. Misy ny sasany "Président de Commission" ato amintsika, mihevitra ny tenany ho lehiben'ny Solombavambahoaka any amin'ny Faritaniny any. Amin'ny maha "Président de Commission" azy, Tompoko, tokony ho fantany fa hitarika "commission" no ataony eto amin'ny fivoriambe. Izany hoe, tsy fantatra na tsy fahaizan-javatra, hoy aho, na olona manambony tena.

Izany rehetra izany no tokony hasiana “éthique”. Mankatoa ny tenako, fa noho ny fahavitsiantsika; na ny olona nanao izany zavatra resahako aminareo izany, tiako ho eto mba ho fantany tsara ny tokony sy ny tsy tokony hataony. Mbola tsy vitan’izay ihany, fa mbola manao “inspection” koa ny tenany raha miditra any anaty biraon’ny “Prefet” kanefa Solombavambahoaka no andraikitriny. Tsy fahaizan-javatra izany ary tsy anomezan-tsiny azy ihany koa. Noho izany, aleo miandry ny ankabetsahan’olona izay hanapaka momba ny fitondran-tenantsika sy ny momba ny fiainantsika vao aroso ity zavatra ity.

Misaotra Tompoko.

Niverina nitarika ny fivoriana indray teto, Andriamatoa Filoha.

### **Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore**

Misaotra nanome ny fitenenana, Andriamatoa Filoha.

Raha ny fahenoako ny fandraisam-pitenenana teo, ohatra ny mitovy daholo ny hevitra mikasika ny fanemorana. Ny antony, raha ny amiko manokana, tsy hihatra mihitsy ity “code d’éthique et de déontologie” ity raha tsy iarahan’ny maro manaiky, fa raha vitsy ny mandany azy, mety hisy fanomezantsiny any aoriana any. Izaho tsy mandà mihitsy ny fanemorana, fa hoy izaho hoe: aoka horaisintsika ny fepetra amin’ny mahamaro an’isa ny Solombavambahoaka; izany hoe amin’ny fotoana handinihana sy handaniana an’ity tolo-pehin-kevitra ity.

Ny tiako hanampiana azy, manamafy ny tenin’ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee hoe: tsy misy zavatra mamatotra antsika amin’ny tsy tokony ho izy raha ny volavola nifampidinihanay tany amin’ny asam-baomiera, fa raha io voalaza ao amin’ny andininy faha-9 noresahan’Andriamatoa Filohan’ny Vondrona Parlemantera IRD io; tsy izahay no mametraka an’io fa ny lalàna. Raha vakianao ny andininy faha-10 amin’io tolo-kevitra io dia milaza fa ny lalàna laharana faha-2014-001, novaina tamin’ny lalàna laharana faha-2014-034. Ao anatin’io lalàna izay mametraka ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no milaza mazava fa tsy maintsy misy an’io «déclaration d’activités» io momba ny vady aman-janaky ny Solombavambahoaka. Lalàna izany, Tompoko, fa ity “code d’éthique et de déontologie” ity, raha vakiantsika ny teny fanolorana na ny «exposé des motifs» dia anisany nanaovana azy ny fandravonana izany ho ao anaty «texte» iray mikasika ny zavatra rehetra momba ny fitondran-tenan’ny Solombavambahoaka. Miparitaka any anaty «texte» samihafa izany, ka izay fotsiny no nalaina tao anaty ny lalàna ary nampahatsiahivina ato, fa tsy zavatra vao noforonina akory. Isika Solombavambahoaka no mpanao lalàna ary azontsika solointsika io lalàna io. Atao «proposition de loi» satria Andriamatoa Filohan’ny Vondrona Parlemantera IRD dia niteny teo fa aleo hanao «propositions des lois» maromaro; amin’izay, afaka manova isika raha hitantsika fa amin’ny tsy tokony ho izy ny zavatra teo aloha.

Izay no tiako holazaina, mampahatsiahy fotsina aho, fa ny “code d’éthique et de déontologie”, fantatsika fa misy any «Fonction Publique» sy ny sehatr’asa maro, toy ny Mpitsara, ny Mpitsabo ary raha tsy diso ny fitadidiako, sambany teto amin’ny tany sy ny Firenena, tamin’ity fitondrana vaoavao ity no nametraka ny Governemanta, fa nisy «engagement» nampanaovina an’ireo mpikambana ao aminy; karazana «code d’éthique» ihany izany, mikasika fepetra maro. Tsy tokony hodinganin’ireo mpikambana ao amin’ny Governemanta mihitsy izany zavatra izany.

Raha manao ny sasany kanefa tsy hanao isika, tsarovy fa nandany Fitsipika Anaty mifehy antsika isika ary nankatoavin’ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana izany. Ao amin’ny andininy faha-215 milaza fa hanao «code d’éthique et de déontologie» isika Antenimierampirenena.

Hamaranako azy, aleo ny maro ny Solombavambahoaka manapaka azy, fa ezahintsika mba tsy hahemotra ela loatra.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra ny Solombavambahoaka hajaina tamin'ny fandraisam-pitenenana sy ny fanehoana hevitra teo.

Raha aravona ny resaka rehetra teo, toy izao no fomba fandraisana azy: iombonan'ny Solombavambahoaka ny fametrahana ny «code d'éthique et de déontologie» izay hifehezana ny mpikambana tsirairay ato amin'Antenimierampirenana ny fitsipika.

Eritreretin'ny nandray fitenenana teo, fa tokony ho ny maro an'isa amin'ny mpikambana ato amin'ny Antenimierampirenana no handray ny fanapahan-kevitra ary mahafantatra amin'ny antsipiriany izay voalaza ato anaty fitsipika.

Nomarihan'ny Solombavambahoaka namana teo koa ny mikasika ny andininy faha-9 sy faha-10 satria mihevitra ny rehetra, fa «inviolable» izany fianam-pianakaviana izany sy ny vady aman-janaky ny Solombavambahoaka. Voalaza fa mpanao politika izy, ka tokony azo tsirihana avokoa ny momba azy rehetra. Tokony hisy fetrany ihany ny resaka vady aman-janaka; tsy tokony ho tafiditra ato amin'ny raharaha maha Solombavambahoaka izany. Araka ny voalazan'ny Solombavambahoakana namana teo hoe: ny lalàna no milaza an'izany kanefa mpanao lalàna ihany koa no nametraka an'izay fanamarihana izay. Heveriko fa tsy misy diso izany, fa marina avokoa izay voalaza teo.

Ny fanontaniana apetraka amintsika rehetra dia hotohizantsika ve ny fandinihan'ity fitsipika ity sa andrasana ny namana ho vory daholo. Ny fitohizan'ny asa hataontsika no ametrahana fanontaniana voalohany izay isika vao miroso amin'ny fanemorana na fanohizana ny fandinihana ity raharaha ity. Miandry antsika ho vory maro vao hampidirina indray ao anatin'ny lahadinika ity zavatra ity.

Handray fitenenana ve Andriamatoa Solombavambahoaka azafady.

**Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert**

Soso-kevitra no arosonay, tokony mba hatao amin'ny "session mois de mai 2020" izy ity, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa FILOHA**

Sao mbola misy manana fanamarihana na fandraisana fitenenana.

**Ramatoa ZAFINANDRO Perle Bien Aimée**

Misaotra betsaka nanome fitenenana.

Miarahaba antsika rehetra miatrika ny fivoriana androany.

Fanatsarana zavatra no resahantsika eto. Marina koa raha hiresaka "déontologie" sy ny karazany isika. Miombon-kevitra daholo isika rehetra teo, fa ny fandaharam-potoanantsika anefa feno loatra. Manamafy etoana ny teny nambaran'ny Filoha teo ny tenako hoe aleo hatao amin'ny taona ho avy.

Ny tiako ahatongavana amin'izany, isika mieritreritra hanatsara zavatra ihany, tsy misy maharatsy an'izany, fa hasoavintsika daholo ny zavatra rehetra tokony hatao ary hojerena ny "déontologie" amin'izay fotoana izay.

Mety matahotra ny vavan'olona isika hoe ny tombotsoan'ny Solombavambahoaka ihany. Inona no maharatsy ny hiady ny tombotsoantsika. Miangavy antsika aho, tokony mba hojerena daholo ny zavatra hahatsara ny asan'ny Solombavambahoaka. Hatsaraintsika ny asan'ny Solombavambahoaka. Miangavy ihany aho, mba hatsaraintsika koa ny karaman'ny Solombavambahoaka. Tsy mahametra ahy ny miteny an'izay zavatra izay. Izany rehetra izany no antony mahatonga ny namantsika sasany tsy tonga mivory satria tsy marisika. Noho izany, hatsaraintsika koa ny resaka "motivation".

Mety mbola olana mipetraka ho antsika amin'ny manaraka na anisan'ny antony mampihena ny isan'ny tonga mivory ihany koa ny tsy fanatsarana izany satria ny "motivation" amin'ny asa efa tsy misy intsony. Noho izany, miangavy aho mba hampidirina amin'ity lalàna ity koa izay resaka izay ahafahantsika manao ny asantsika tsara, hampilamina tsara ny saintsika, tsy hisian'ny fotoana very amin'ny fandehanantsika eto amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena.

Misaotra betsaka

**Andriamatoa FILOHA**

Misy mangataka fitenenana ato azafady.

**Andriamatoa ASSIMO Bruno**

Misaotra nanome fitenenana, Andriamatoa Filoha.

Hanamafisako ny tenin'ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera teo momba ny fanemorana, satria mety ho betsaka ny zavatra hivoaka, ka tsy tokony hatrehan'ny vahiny mihitsy fa isika samirery. Tokony hahemotra ny fandinihana azy ary rahoviana indray ny fanapahan-kevitra avy amintsika.

Misaotra Tompoko

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra antsika rehetra.

Raha izay no fironana, angatahana mba tsy hivoaka isika Solombavambahoaka hajaina, fa handray fanapaha-kevitra amin'ny alalan'ny tsangan-tànana isika.

- 7 -

**- Fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny hanemorana ny fandinihana ny tolo-pehin-kevitra -**

**Andriamatoa FILOHA**

Atsangano ny tànana'ny Solombavambahoaka manaiky ny hanemorana amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana an'ity "code d'éthique et de déontologie" ity.

- Solombavambahoaka miisa 25 no nanangan-tànana -

Izay milaza fa hotohizana ny asa mikasika ity "code" ity.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka miisa 2 no nananga-tànana -

Ambara fa ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana ny "code d'éthique et de déontologie" ho an'ny Antenimierampirenena.

Tompokolahy sy Tompokovavy, mitohy hatrany ny fandaharam-potoanantsika.

Raha ekentsika, hiroso amin'ny fandaharam-potoana manaraka isika, mba handeha aloha ny raharaha satria amin'ny 3 ora, tolak'andro, no voalaza ao anatin'ny fandaharam-potoana, efa amin'ny telo latsaka fahatelonny izao. Raha miombon-kevitra isika dia hiroso, fa raha milaza isika hoe hajaina ny fotoana, manana 20 minitra, isika hiatoana sy hakana aina kely.

- 8 -

- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny hanohizana ny fandaharam-potoana manaraka -

**Andriamatoa FILOHA**

Angatahana hanangan-tànana izay manambara, fa hiverina isika amin'ny 4 ora, tolak'andro, hanohy ny fivoriana.

- Solombavambahoaka miisa 19 no nanaiky -

Izay milaza fa hotohizana avy hatrany ny fivoriana.

- Solombavambahoaka miisa 9 no nanangan-tànana -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

- 9 -

**Fiatoan'ny fivoriana**

**Andriamatoa FILOHA**

Ambara arak'izany fa miato ny fivoriana ary miverina eto isika amin'ny 4 ora, tolak'andro.

Niato tamin'ny 2 ora sy 40 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

  
RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

## FIZAHAN-TAKELAKA

	Pejy
- Fitohizan'ny fivoriana .....	01
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	01
- Fiantsoana anarana .....	01
- Teny nataon-dRamatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina .....	01
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	01
- Famakiana ny fandaharam-potoana vaovao .....	02
- Teny nataon-dRamatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina .....	02
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	03
- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny fandaharam-potoana vaovao .....	04
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	04
- Famakiana ny tatitra mikasika ny tolo-pehin-kevitra .....	04
- Teny nataon'Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narindrasana .....	04
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	08
- Adihevitra ankapobeny .....	09
- Teny nataon'Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert .....	09
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	09
- Teny nataon'Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert .....	09
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	09
- Teny nataon'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène .....	09
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	10
- Teny nataon'Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery .....	10
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	10
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIATAHINOMENJANAHARY Felicien .....	10
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	11
- Teny nataon-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore .....	11
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	11
- Teny nataon'Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques .....	11
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	13
- Teny nataon'Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin .....	13
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTONDRASOA Fetra .....	14
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	15
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee .....	15
- Teny nataon'Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert .....	16
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	16
- Teny nataon'Andriamatoa PEPIN Michou .....	17
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	17
- Teny nataon'Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery .....	17
- Teny nataon'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène .....	17
- Teny nataon-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore .....	18
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	19
- Teny nataon'Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert .....	19
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	19
- Teny nataon-dRamatoa ZAFINANDRO Perle Bien Aimée .....	19
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	20



- Teny nataon'Andriamatoa ASSIMO Bruno.....	20
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	20
- Fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny hanemorana ny fandinihana ny tolo-pehin-kevitra .....	20
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	20
- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny hanohizana ny fandaharam-potoana manaraka.....	21
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	21
- Fiatoan'ny fivoriana .....	21